

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.
Archevêque d'Antsiranana
Administrateur Apostolique d'Ambohijanahola
Tél : (261) 32 11 539 39
BP 415
5 Boulevard Le Myre de Villers
201 ANTSIRANANA
Madagascar
ipadmarcramaroson@gmail.com



Antsiranana ny 05 juin 2022
PANTEKOTY

Ho vakina ao am-piangonana sy atao peta-drindrina

Ho antsika Olo Araiky Kristianiana rehetra, E. O. V TABERNAKLA VELONA
« Tsy isika fa ny Fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika... »

Rehefa nivory ny filan-kevity ny Eveka dia nandinika ny fangatahan'ireto Frera SEMINARISTA ireto :

1. *Frera RAZAKA Jean Prisca avy amin'ny Eglisy Iraka Fo Madion'i Maria Antanifotsy Sambava izay manao stage pastoral ao amin'ny Eglisy Iraka Masina Maria Virjiny ao Anivorano Avaratra*

2. *Frera BE FLOT YOUNG Fridano avy amin'ny Eglisy Iraka Mb Terezin'i Jesoa zazakely ao Sambava Centre izay manao stage pastoral ao amin'ny Eglisy Iraka Fo Masin'i Jesoa Amboangibe*

3. *Frera BEANJARA Suharto Elie avy amin'ny Eglisy Iraka Md Josefa Ambilobe izay manao stage pastoral ao amin'ny Eglisy Iraka Notre Dame de l'Assomption Tanambao Diego-Suarez*

Samy nankatoavina ny fangatahan'izy ireo ka ho fantatsika ihany ny toerana'ny fanamasinana sy ny daty ho an'ny tsirairay satria noho ny Fahasoavan'Andriamanitra dia ireto avy ny toerana voafidy ho hisy fanamasinana. ANTSIRANANA 21 AOUT SADY FAMARANANA NY SINAODIN'NY ANKIZY; ANDAPA 11 SEPTEMBRA

Zanantsika eto amin'ny Diosezy izy ireo. Miasa eo anivontsika . Ka iangaviana isika izay manana ho lazaina mikasika an'io fanamasinana io **fa indrindra raha mahita sampona marim-pototra mba hanatona mangigina ny Mompera Curé misy azy.** Adidy lehibe tsy maintsy tanterahina amin'ny mahavita batemy izany. Matoky antsika aho.

Entina am-bavaka miaraka amin'i Masina Maria Renin'ny Apsotoly, md Josefa Ray Mpiaro ny Eglisy erantany ary Lucien Botovasoa Olts izao faniriana masin'ireo Frera Seminarista ireo mba ho tanteraka tokoa araka ny vavaka fanaontsika ho an'ny Fiantsoan'Andriamanitra : ho **PRETRA MASINA**. Fahasoavan-dehibe ho antsika izao fanamasinana izao izay atao mandritra ny fanatanterantsika ny SINAODA FAHA-7 ETO AMIN'NY DIOSEZY : EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO MISIONERA TABERNAKLA VELONA. Enga anie ho DIAKRA, HO PRETRA TABERNAKLA VELONA IZY IREO Izany hoe ho pretra mahafohy, ho pretra manompo, mitarika ny olona hikatsaka ny soa imbonana hanorona FRATELLI TUTTI= OLO ARAIKY ISIKA JIABY

Mitsodrano anareo aho. Mivavahà koa ho ahy.

P Eveka Marc Benjamin Ramaroson, c.m.
Arsevekan'Antsiranana



*H. Benjamine
c.m.*